Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

NY FANJAKAN'ANDRIAMANITRA AO AMIN'NY FILAZANTSARA ARAKA AN'I MATIO

« Mibebaha ianareo fa efa akaiky ny fanjakan'ny lanitra » (Matio 4, 17)

A. Ao amin'ny Testamenta Taloha :

1. Teo amin'ny tantaran'ny zanak'Israely :

1. 1. Ny TOMPO no Mpanjakan'ny zanak'Israely :

Ninoan'ny zanak'Israely hatrany am-piandohana ny maha-Mpanjaka ny TOMPO Andriamanitra. Izany no niheverany fa ny TOMPO Andriamanitra no Mpanjaka (Eksodosy 15, 13-18), Izy no mitondra sy momba ny olony (Nomery 23, 19-23), ary manjaka amin'ny Israely Izy (Deoteronomia 33, 2-5). Ka dia ny TOMPO Andriamanitra, Mpanjaka, no manamarina ny fanjakana teo amin'ny firenen'ny zanak'Israely (cf. Salamo 2 na 45 na 110 na koa Mpitsara 8, 22-23 ohatra).

1. 2. Ny Fanekena :

Mazava ny tenin'ny Fanekena izay nataon'Andriamanitra tamin'ny zanak'Israely : « ianareo ho oloko, ary Izaho ho Andriamanitrareo » (Jer. 30, 22 sy Ezek. 36, 28). Amin'izany dia tsy maintsy miaina am-pahamasinana ny vahoaka : « aoka ho masina ianareo satria masina Aho Tompo Andriamanitrareo » (Lev. 19, 2 sy 20, 7).

1. 3. Fiokoan'ny vahoaka sy famindram-pon'ny TOMPO :

Noho ny ditran'ny fon'ny olona anefa dia nanota izy ka niala tamin'ny fanekena nifanaovany tamin'Andriamanitra. Hany ka voatery namely ny zanak'Israely Andriamanitra mba hampibebaka azy ka hiverenany amin'Andriamanitra :

- ny mpaminany Isaia (toko faha-6) sy Amosa dia nanambara ny fiafaran'ny fanjakana tany Avaratra (faharavan'i Samaria tamin'ny taona -722),
- ny mpaminany Ezekiela (toko 20 and. 33-36) ary indrindra ny mpaminany Jeremia dia namandre ny amin'ny hiafaran'ny fanjakan'ny Joda (fahababoana tany Babylona tamin'ny taona -587 ka nandravana an'i Jerosalema).

Tany amin'ny fahababoana ny zanak'Israely dia tonga saina :

- fa tsy misy hafa tsy ny TOMPO Andriamanitra ihany no afaka manafaka azy ireo amin'izao fahababoana izao,
- Ka handeha hibebaka izy mba hahazoany manantena ny famindram-pon'ny TOMPO aminy.

Ary rehefa niverina avy tany amin'ny fahababoana izy vao tena nanan-danja teo amin'ny fiainany izany maha-mpanjaka ny TOMPO Andriamanitra.

2. Mpanjaka Andriamanitra :

Izany tantaran'ny zanak'Israely izany dia manambara fa tena Mpanjaka tokoa ny TOMPO Andriamanitra.

Ny fanjakana dia faritra iray izay anjakan'ny mpanjaka iray :

- Ny mpanjaka no mandidy ao ary tsy refesi-mandidy izy ao,
- Ny tenin'io mpanjaka io no tsy maintsy arahina ao amin'ny fanjakany,
- Izy koa no miahy ny olony ao,
- Tsy azon'izay te-hiditra idirana anefa ny fanjakana fa izay olona mizaka ny zom-pirenena (citoyen) amin'io fanjakana io ihany no mahazo mipetraka ao,
- Raha te-higoka ny tsiron'ny fiainana ao amin'ny fanjakana dia tsy maintsy matoky ny mpanjaka ny olona.

B. Ao amin'ny Filazantsara :

1. Fanjakan'ny lanitra sa Fanjakan'Andriamanitra ? :

Ny Filazantsara araka an'i Matio ihany no miresaka ny amin'ny Fanjakan'ny lanitra (in-32) fa ny Filazantsara telo hafa dia Fanjakan'Andriamanitra no lazainy. Miteny ny amin'ny Fanjakan'Andriamanitra koa anefa ny Filazantsara araka an'i Matio (in-4).

Raha ny heviny tsotra dia mitovy ihany ny lazaina amin'ny Fanjakan'ny lanitra sy ny Fanjakan'Andriamanitra.

2. Efa tonga sady mbola andrasana :

Any amin'ny firenena jentilisa dia « efa akaiky ny Fanjakan'ny lanitra » no tenenin'i Jesosy (cf. ity eto amin'ny Mat. 4, 17 ity ohatra). Satria mbola tsy nandray an'i Jesosy ho Tompony sy ho Mpamonjiny ny olona ao.

Fa amin'izay efa nandray ny Famonjena kosa dia izao no lazainy : « … efa tonga aminareo sahady ny fanjakan' Andriamanitra » (cf. Mat. 12, 28). **Efa tonga sady efa iainana dieny izao ny Fanjakan'ny lanitra** satria natokana **ho an'izay nandray ny Famonjena** izany. Ny Famonjena manko no ***visa*** idirana ao = ny fananana an'i Jesosy ho Tompo sy Mpamonjy. Izay tsy manana io visa io dia tsy eken'Andriamanitra hiditra ao. Ka ny olom-boavonjy ihany izany no mahazo miditra ao.

Mbola andrasana koa anefa ny fahatanterahan'ny fiainana **io Fanjakan'ny lanitra io**. Satria amin'ny fotoana farany, rehefa miverina amim-boninahitra i Jesosy Tompo, dia eo no hitsarany ny olona rehetra. « Izay mino sy hatao batisa no hovonjena » hoy ny Marka 16, 16a. Izay natao batisa nefa nanary ny finoana na nanakalo ny finoana amin-javatra hafa izany dia tsy mba hahazo ny Famonjena satria efa nanao safidy hafa izy na dia efa notoloran'Andriamanitra ny Fitiavany aza. Ka dia izay hahitan'i Jesosy ny ***visa*** « finoana » ihany no hampidiriny définitivement ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra.

3. <u>Araka ny Filazantsara araka an'i Matio</u> :

3. 1. <u>Toromaika sy fampianarana</u> :

Maro ireo toromarika sy fampianarana nataon'i Jesosy mahakasika ny Fanjakan'ny lanitra ato amin'ny Filazantsara araka an'i Matio.

a) <u>Toromarika</u> :

- Ny Matio 6 dia manantitra ny amin'ny nécessité de discrétion amin'ny fifandraisana amin'Andriamanitra :
  - ✓ nécessité de discrétion amin'ny fiantrana (and. 2-4),
  - ✓ nécessité de discrétion amin'ny vavaka (and. 5-15),
  - ✓ nécessité de discrétion amin'ny fifadian-kanina (and. 16-18).
- Ny Matio 7, 1-27 dia toromarika omen'ny Tompo amin'ny fitondran-tena.

b) <u>Fanomezan-toky</u> :

Ao koa ny fanomezan-toky ataon'ny Tompo ao amin'ny Mat. 6 and. 25-34 dia fanomezan-toky ny amin'ny fiahiany ny fiainan'izay mety mandray ny Fanjakan'ny lanitra.

3. 2 <u>Vavaka nampianarin'ny Tompo</u> :

Ity Vavaka nampianarin'i Jesosy ny mpianany fahiny ity – izay fantatsika koa amin'ny anarana hoe Hatakin'ny Tompo (cf. Mat. 6, 9-13) - no ivon'ny toriteny nataon'i Jesosy teo an-tendrombohitra. Haintsika tsianjery loatra izy io. Raha maka fotoana kely handiniha azy io

anefa isika dia hahatsikaritra fa miorina eo amin'ny Fanjakan'Andriamanitra io vavaka io :

- manomboka amin'ny mikasika ny Fanjakan'Andriamanitra izy : « Rainay Izay any an-danitra, hohamasinina anie ny Anaranao. Ho tonga anie ny Fanjakanao. Hatao anie ny sitraponao etỳ an-tany tahaka ny any an-danitra » (and. 9-10),
- mifarana amin'ny fanekena ny maha-Mpanjaka an'Andriamanitra izy : « Fa Anao ny fanjakana sy ny hery ary ny voninahitra mandrakizay. Amen ! » (and. 13b),
- ao afovoany (= ao anatiny) no misy ny fangatahana ny amin'ny fiainantsika : « Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay. Ary mamelà ny helokay [Na: trosa] tahaka ny namelanay izay meloka [Na:nitrosa] taminay. Ary aza mitondra anay ho amin' ny fakam-panahy, fa manafaha anay amin' ny [Na: amin' ilay] ratsy » (and. 11-13a).

Izany hoe ampianarin'i Jesosy hiorina ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra ny mpianany. Ka Andriamanitra no miahy izay rehetra mitoetra ao amin'ny Fanjakany. Toky lehibe ho antsika izany.

3. 3 Fanoharana fito momba ny Fanjakan'ny lanitra :

Ny Matio 13 dia ahitantsika ireo fanoharana 7 nampianaran'i Jesosy ny mpianany ny amin'ny Fanjakan'ny lanitra :

- Ny voa nafafy tamin'ny karazan-tany maro samihafa (and. 3-23),
- Ny tsimparifary sy ny vary (and. 24-30),
- Ny voan-tsinapy (and. 31-32),
- Ny masiraisra amin'ny koba (and. 33),
- Ny harena nafenina (and. 44),
- Ny vato soa (and. 45-46),
- Ny harato tarihina (and. 47-50).

Fanamarihana 2 no atao :

- Tsy maintsy ho avahana ny tsara sy ny ratsy : ny ratsy hatsipy any anaty afo, hodorana,ny tsara hampidirina ao amin'ny Fanjakan'ny lanitra,
- Ny fanoharana ny amin'ny harena nafenina sy ny fanoharana ny amin'ny vatosoa dia milaza fa vidiana amin'ny fananana rehetra (= vidiana lafo satria mila famoizana izay heverintsika ho harena rehetra) ny fahazoana ny Fanjakan'ny lanitra. Izany koa no anterin'ny Mat. 7, 13-14 raha milaza izy hoe : « Midira amin' ny vavahady èty ianareo fa lehibe ny vavahady ary malalaka ny lalana izay mankany amin' ny fahaverezana ka maro ny miditra any. Fa èty ny vavahady, ary tery ny lalana izay mankany amin' ny fiainana, ka vitsy ny mahita azy ».

D. Fahazoana ny Fanjakan'Andriamanitra :

1. Ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny fahamarinany :

« Katsaho aloha ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny fahamarinany dia hanampy ho anareo izany rehetra izany » hoy ny Tenin'i Jesosy ao amin'ny Matio 6, 33.

1. 1. Katsaho aloha ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny fahamarinany :

a) Katsaho aloha :

Tsy azoazo ho azy izany ny Fanjakan'Andriamanitra fa mila katsahina ; fa rehefa azo izy dia mitondra voka-tsoa.

Sarotra ny miditra amin'ny Fanjakan'ny lanitra. Hoy i Jesosy ao amin'ny Mat. 19, 24 : « Ary hoy Izaho aminareo indray : Ho moramora kokoa ny hidiran' ny rameva amin' ny vodi-fanjaitra noho ny hidiran' ny manan-karena amin' ny Fanjakan' Andriamanitra ». Ny tsindriana eto dia ny hasarotrin'ny fidirana ao amin'ny Fanjakan' Andriamanitra noho ny tsy fahafoizana ny harena ara-materialy imatimatesantsika sy anabotrentsika ny hafa. Izay no ilazana amin'ny hoe acte volontaire vokatrin'ny safidy no tsy maintsy atao raha te-hiditra ao amin'ny Fanjakan' Andriamanitra.

Katsaho = mila katsahina = misy asa atao ao izany = mikatsaka ➔ acte volontaire vokatrin'ny safidy. Izany hoe :

- **ampahafantarin'Andriamanitra** ny olona ny amin'ny Fanjakany,
- **izay misafidy ny ho ao** amin'ny Fanjakan'Andriamanitra ihany no afaka manantena ny ho tafiditra ao,
- fa tsy maintsy **miasa mikatsaka** izany Fanjakan'Andriamanitra izany izy vao ho tafiditra ao.

b) Ny Fanjakan'Andriamanitra sy ny fahamarinany :

Raha mamaky ny Matio 5 (= Toriteny nataon'i Jesosy teo an-tendrombohitra) isika dia hahatsapa fa **ny fepetra (= condition) hidirana ao amin'ny Fanjakan'ny lanitra dia ny fahamarinana tanteraka = fahamarinana araka an'Andriamanitra = fahamarinana araka ny sitrapon'Andriamanitra.** Hoy i Jesosy ao amin'ny Mat. 5, 20 : « Fa lazaiko aminareo : raha tsy mihoatra noho ny an'ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo ny fahamarinanareo dia tsy hiditra amin'ny Fanjakan'ny lanitra mihitsy ianareo ». Ny fahamarinan'ny mpanora-dalàna sy ny Fariseo manko dia izay fahamarinana notapihin'ny tenany samy irery (mety ho ny Tenin'Andriamanitra ihany no niaingany tany am-boalohany saingy nototofany tamin'ny sitrapon'ny tenany izany) ary tereny hampanaoviny ny hafa ihany = fahamarinana tsy mahafoy ny sitrapon'ny tena na ny tombon-tsoa ho an'ny tena = kisarintsarim-pahamarinana ihany fa tsy ilay fahamarinana mifanaraka amin'ny sitrapon'Andriamanitra.

Ny tena tiana hambara amin'ny hoe olona miaina ny fahamarinana araka ny sitrapon'Andriamanitra dia tsy hoe olona mamono ny safidiny fa kosa olona misafidy ny hanome **priorité ny sitrapon'Andriamanitra** eo amin'ny fiainany. Safidy mazava io ary safidy atao sy miandry antsika amin'ny fotoana rehetra eo amin'ny fiainantsika.

Ao amin'ny Mat. 5, 17-48 i Jesosy dia mampianatra antsika fa ny fikatsahana ny fihavanana vokatrin'ny fitiavana ny hafa no hahazoana miaina izany fahamarinana araka ny sitrapon'Andriamanitra izany.

1. 2. <u>Hanampy ho anareo izany rehetra izany</u> :

Misy fampanantenana koa izany ho an'izay misafidy ny hiditra ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra.

a) <u>Ny Matio 5, 1-12</u> :

Teny fikasana manambara fampanantenana lehibe no ambaran'i Jesosy eto amin'ity Mat. 5, 1-12 (= les *Béatitudes*) ity. Ary fantatsika fa manatanteraka ny Teny fikasana omeny mandrakariva Andriamanitra. Izany no anamarinany ny Teniny. Ka rehefa mampanantena Izy dia manao. Azo antoka izany ny fampanantenana avy amin'Andriamanitra.

Ny Teny nataon'i Jesosy ao amin'ireo *Béatitudes* ireo (jereo koa ny Lio. 6, 20-22) dia mampianatra antsika fa **sambatra** izay tafiditra ao amin'ny Fanjakan'ny lanitra. Sambatra izy satria zanak'Andriamanitra (and. 9). Hahita an'Andriamanitra (and. 8) izy ka hiantrana (and. 7) sy hampifaliana (and. 4) ary hovokisana ny fahamarinana (and. 6) ka hampandovainy ny tany (and. 5). Ary, noho izany, dia hiseho ho fanasina hitondra tsiro ety an-tany (and. 13) izy satria fahazavana hanazava izao tontolo izao (and. 14-16).

b) <u>« izany rehetra izany »</u> :

Misy tombon-tsoa lehibe izany ao amin'ny Fanjakan'ny lanitra ary omen'Andriamanitra iainan'ny citoyens-n'ny Fanjakany dieny ety an-tany izany sady hitohy mandrakizay ny fiainany azy.

Fa ambonin'izany dia **mampanantena hanome ny zavatra rehetra ho an'izay ao amin'ny Fanjakany Andriamanitra**. Hoy ny Tenin'i Jesosy tamin'ny mpianany ao amin'ny Jao. 15, 7-8a : « Raha **miray Amiko** ianareo, ka **mitoetra ao anatinareo ny Teniko**, dia angataho izay tianareo, **na inona na inona**, fa ho tonga aminareo izany. Izany no hankalazana ny Raiko … » :

- Io firaisana amin'i Jesosy ambara eto io anefa dia tsy mety iainana (= na dia maniry izany aza ny olona dia tsy tafita amin'izany) raha tsy amin'ny finoana ihany :
  - ✓ ny finoana izany dia sady mampiray antsika amin'i Jesosy Kristy Tompo no mampiditra antsika ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra. Ny finoana an'i Jesosy no anamarinan'Andriamanitra ny olona : hoy ny Rom. 5, 1 hoe « Koa amin' izany, satria **efa nohamarinina tamin' ny finoana isika**, dia aoka isika hanana [Na: (dia manana)] fihavanana amin' Andriamanitra amin' ny alalan' i Jesosy Kristy Tompontsika » . Ka dia **ny finoana an'i Jesosy no idirana ao amin'ny Fanjakan'Andriamanitra,**
  - ✓ **mitaky faharetana** izany satria raha tsy hitan'i Jesosy amin'ny olona izany

finoana izany amin'ny fotoana farany hitsarany ny velona sy ny maty dia tsy mba handray izany olona izany ho ao amin'ny Fanjakan'ny lanitra i Jesosy. Nambarany mazava izany ao amin'ny Mat. 7, 21-23 ka nilazany hoe : « Tsy izay rehetra manao Amiko hoe : Tompoko, Tompoko, no hiditra amin' ny Fanjakan' ny lanitra, fa izay manao ny sitrapon' ny Raiko Izay any an-danitra. Maro no hanao Amiko amin' izany andro izany hoe : Tompoko, Tompoko, tsy efa naminany tamin' ny anaranao va izahay ? Ary tsy efa namoaka demonia [Demonia = fanahy ratsy, na anjely ratsy] tamin' ny Anaranao va izahay ? Ary tsy efa nanao asa lehibe maro tamin' ny Anaranao va izahay ? Ary dia hambarako aminy marimarina hoe: Tsy mba fantatro akory ianareo hatrizay hatrizay ; mialà amiko, ianareo mpanao meloka ». Io koa no ambaran'ny Mat. 10, 22 sy 24, 13 « **Fa izay maharitra hatramin' ny farany no hovonjena** ». Raha ny bokin'ny Apokalypsy 21, 7 no milaza azy dia izao no filazany : « **Izay maharesy no handova izany zavatra izany; ary ho Andriamaniny Aho, ary izy ho zanako** ».

- **Ny mino an'i Jesosy** (= izay miray Aminy) **dia tsy maintsy itoeran'ny Tenin'i Jesosy**. Efa nambara tany am-piandohana io fa, hatrany amin'ny tantaran'ny zanak'Israely, izay olon'Andriamanitra dia tsy maintsy mitandrina ny Tenin'Andriamanitra. Izay fitandremana ny Teny izay anefa dia mitaky ny itoeran'ny Teny ao anaty.
- Afaka mangataka malalaka (= tsy voafetra) izay tiana sy/na izay ilaina rehetra izay mahafeno ireo fepetra ireo. Fa manome toky ny Teny eto fa hahazo izany.

2. <u>Maika sady misy fetra</u> :

2. 1. <u>Matio 11, 12</u> :

Ny Mat. 11, 12 dia manambara fa : « … hatramin' ny andron' i Jaona Mpanao-batisa ka mandraka ankehitriny ny fanjakan' ny lanitra dia rombahina, ary ny mpandrombaka maka azy an-keriny ». Mety ho milaza herisetra izany kanefa ny tiana ho tsindrina koa dia izao :

- **misy fetra** ny azo handraisana ny Fanjakan'ny lanitra. **Tolo-botsotra** no anomezan'Andriamanitra ny Fanjakan'ny lanitra ho an'ny olona. **Maimaim-poana** izany. Kanefa misy fetra. Fa rehefa tonga ny fotoana farany kanjo mbola tsy mety mandray ihany ilay olona dia tsy hahazo mandray izany intsony izy. Ry be fangataka andro, mieritrereta tsara ka diniho tsara ny aminao, sao be andraso andraso eo ka efa tara loatra vao hanapa-kevitra !
- **maika** ny handraisana ny Fanjakan'ny lanitra. Zava-tsarobidy loatra izy ka tsy mahazo mitaredretra izay te-handray azy fa tsy maintsy misafidy azy avy hatrany. Ry be erehina, sao dia manjary manadino ny Fanjakan'ny lanitra lahy !

2. 2. <u>Ao amin'ny Fihirana FFPM</u> :

Hira FFPM 377 : Tsy mba hisy tonga ary an-danitra raha tsy mandrombaka tokoa :

1. Tsy mba hisy tonga ary an-danitra,

Raha tsy mandrombaka tokoa.
Ny mpiady tsara izay maharitra
No handray anjara lovasoa.
Ety ary tery ny vavahady ao,
Kely sy mideza ny lalana mankao.
Nefa aza kivy, ry havako izao,
Fa izay malaina dia ho very.

2. Maro no mitady hisakana anao
Koa mba tohero, ry sakaiza.
Mba reseo mafy ny fahavalonao,
Fetsy izy ireo ka mahaiza.
lzay rehetra mamin'izao tontolo izao
Dia avelao fa mamandrika anao.
Aoka mba Jesosy no hifalianao :
Eny, hifalianao tokoa.
3. Satroboninahitra tsy ho azonao
Raha tsy katsahinao tokoa.
Fa hevero kosa ny fifalianao
Raha tonga ao an-dapa soa.
Fa hahita maso ny Tompo ianao
Ka hifaly amin'Andriamanitrao.
Koa miomàna re, ry sakaiza ô,
Mba ho faly ao am-pitsarana.
4. He, ny tany soa tsy mba ho hitanao,
Marina tokoa anie izany.
Ka ny ao an-danitra tsy ho azonao
Raha fatra-pankafy ny tany.
Raha tsy matoky ny Tompo ianao
Dia helo afo no ho anjaranao.
Koa miverena, fa ny Mpanavotrao
Vonona handray anao mihitsy.
5. Dia miangavy, mangataka aminao :
Mba modia, ry mpirenireny !
Fa ny Tomponao ta-handray anao izao
Ianao tsy sitrany ho very.
Izy dia mananty ny tanany izao
Ka ny fonao simba mba atolorinao
Hosoloan'i Jeso fo tsara sy vaovao :
lzany mba hevero, ry sakaiza !

Koa samia mieritreritra, ry havana, na mitoetra ao amin’ny Fanjakan’Andrimanitra ianao na tsia. Aza mijery ny hafa fa ny tenanao no diniho. Ny TOMPO Andriamanitsika dia vonona ny handray anao ao amin’ny Fanjakany raha mety ianao : izany no nanomezany anao an’i Jesosy ho Tomponao sy ho Mpamonjinao. Raiso ho anao ny Tenin’Andriamanitra nambaran’ny

mpihira ao amin'ny Salamo 34, 8 manao hoe : « Andramo ka izahao fa tsara ny TOMPO ; sambatra izay olona mialoka Aminy ».

Ho amianreo anie ny Fiadanana ! Amen !

Voninahitra anie ho an'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina, izay efa Azy hatramin'ny taloha indrindra ka ho Azy maharitra ho mandrakizay.

Annemasse 11 mey 2016.
Pasteur GIZY Donald,
FPMA Annemasse.